

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

**LOI n° 2003 - 050**

**Autorisant la ratification de l'Accord de Crédit de développement conclu le 04 décembre 2003 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) pour financer le Projet d'Investissement dans les Infrastructures de Transport.**

**EXPOSE DES MOTIFS**

L'objectif stratégique de développement pour Madagascar, comme il a été souligné dans le Document de Stratégie pour la Réduction de la Pauvreté (DSRP), est la promotion d'un développement rapide et durable en vue de réduire de moitié le taux de pauvreté en 10 ans.

Pour permettre au secteur de transport de contribuer efficacement à cette promotion, la réhabilitation des infrastructures de transport (infrastructure institutionnelle et infrastructure physique) est l'un des grands piliers auxquels est reposée la politique de transport intégrée que le Gouvernement de Madagascar met en œuvre.

A cet effet, l'Accord de Crédit de développement ci-joint a été signé pour aider Madagascar à réhabiliter ses grandes infrastructures afin de réduire les coûts du transport et de faciliter les échanges commerciaux dans le cadre du Projet d'Investissement dans les Infrastructures de Transport (PIIT).

L'objectif du Projet d'Investissement dans les Infrastructures de Transport, supporté financièrement au titre de l'APL-3 par un crédit de 104,4 millions de DTS (soit l'équivalent de 150 millions de dollars US) est de financer le plan de développement 2003-2008 de la Vice Primature dans le secteur des transports et ce, en partenariat avec le Gouvernement, les autres bailleurs de fonds, le secteur privé et les usagers en vue d'exécuter les programmes ci-après des quatre parties suivantes que comprend le Projet :

**Partie A :**

- Exécution d'un programme d'amélioration, de réhabilitation et d'entretien de Routes Nationales consistant à bitumer un tronçon d'environ 112 km de la RN44, un tronçon d'environ 159 km de la RN5A, à réhabiliter un tronçon d'environ 69 km de la RN44 pour le porter aux normes des routes en terre améliorée, à assurer l'entretien périodique des tronçons d'environ 249 km de la RN2 et d'environ 295 km de la RN7 et, à réhabiliter et assurer l'entretien périodique d'un tronçon de 186 km de la RN3.
- Mise en œuvre d'un plan d'action pour la rénovation du système de bacs par la réhabilitation d'une trentaine de bacs.

**Partie B :**

- Mise en œuvre d'un programme d'amélioration, de réhabilitation et d'entretien des ports.

**Partie C :** Modernisation des aéroports et renforcement des institutions :

- promotion du Partenariat Public-Privé pour assurer la gestion et l'exploitation des aéroports secondaires, à travers la fourniture de services de conseils à caractère technique ;
- amélioration de la sécurité, de la sûreté et de l'exploitation du réseau aéroportuaire par l'acquisition des équipements.

**Partie D :** Appui institutionnel à la Vice Primature :

- Mise en œuvre d'un plan d'action visant à renforcer les capacités de la Vice Primature pour lui permettre de superviser et de coordonner les activités de ce secteur et, mener à terme le processus de réforme, par le biais des actions suivantes :
  - appui à un plan social visant le redéploiement du personnel ;
  - fourniture de services de conseils à caractère technique et de formation, et acquisition de matériel ;
  - réalisation d'études de faisabilité, d'études de conception détaillées et provisoires et, établissement de dossiers d'appel d'offres pour faire face aux besoins à venir dans le secteur.

Tels sont les motifs autorisant la ratification de cet Accord de Crédit de Développement par la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

**LOI n° 2003 - 050**

**Autorisant la ratification de l'Accord de Crédit de développement conclu le 04 décembre 2003 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) pour financer le Projet d'Investissement dans les Infrastructures de Transport.**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 19 décembre 2003 et du 22 décembre 2003, la Loi dont la teneur suit :

**Article premier** - Est autorisée la ratification de l'Accord de Crédit de développement entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) conclu le 04 décembre 2003 pour financer le Projet d'Investissement dans les Infrastructures de Transport, d'un montant de 104,4 millions de DTS (soit l'équivalent de 150 millions de dollars US).

**Article 2** - La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République et sera exécutée comme Loi de l'Etat.

**Antananarivo, le 22 décembre 2003**

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,    LE PRESIDENT DU SENAT,**

**LAHINIRIKO Jean**

**RAJEMISON RAKOTOMAHARO**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

-----

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA- 045- 2003**

**Anomezan-dalana ny fankatoavana ny fampisamboram-bola ho fanpandrosoana natao ny faha 04 desambra 2003 iarahan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fampanandrosoana (IDA) ho Famatsiana ara-bola ny tetikasa momban'ny fotodrafitr'asa mikasika ny fitaterana**

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Ny tanjona ao amin'ny tetik'ady ho fanpandrosoana an'i Madagasikara, araka ny voasoritra ao amin'ny tahirin-kevitra momba ny tetik'ady ho fampihenana ny fahantrana (DSRP) dia ny fampiroborobona ny fanpandrosoana haingana sy maharitra ho fanenana amin'ny ampahany ny taham-pahantrana ao anatin'ny folo taona.

Ny fanarenana ny fotodrafitr'asa momba ny fitaterana (infrastructure institutionnelle et infrastructure physique) no anisan'ny andry iankinan'ny politikam-pirenena momba ny fitaterana ampiharin'ny Governemanta mba ahafahan'ny sehatry ny fitaterana handray anjara mahomby amin'io fampiroborobona io.

Araka izany, ny fifanarahana fampisamboram-bola ho fanpandrosoana ampiarahina amin'ity Lalàna ity dia nosiniavina mba hanampiana an'i Madagasikara hanarina ireo fotodrafitr'asa goavana hampihenana ny sandan'ny fitaterana sy hanamorana ny fifanakalozana ara-barotra ao anatin'ny tetikasa fampiasam-bola momba ny fotodrafitr'asa mikasika ny fitaterana (PIIT).

Ny tanjon'ny tetikasa fampiasam-bola momba ny fotodrafitr'asa mikasika ny fitaterana, izay vatsiam-bola amin'ny alalàn'ny APL-3 mitentina “104 millions de DTS” (izany hoe mirasanda amin'ny 150 millions de dollars US) dia ny famatsiam-bola ny soritrana fanpandrosoana 2003-2008 ny Primatiora lefitra eo amin'ny sehatrin'ny fitaterana, ary izany dia iaraha-miombon'antoka amin'ny Governemanta, ireo mpampidram-bola hafa sy ny sehatra tsy miankina ary ireo mpampiasa ny sehatry ny fitaterana mba ho fanatanterahana

ireo fandaharan'asa voalaza amin'ireto ampahany efatra hita ao main'ny tetitkasa :

**Ampahany A :**

- Fanatanterahana ny fandaharanasa fanatsarana, fanarenana sy fikojakojana ny Làlam-pirenena mifototra amin'ny fandrarahana molanga ny ampahany mirefy 112 km eo ho eo amin'ny RN 44 ary 159 km amin'ny RN 5 A, amin'ny fanarenana ny ampahany mirefy 69 km amin'ny RN44 mba hahatonga azy hanaraka ny fitsipika fanatsarana ny làlan-tany, amin'ny fikojakojana ny ampahany mirefy 249 km eo ho eo amin'ny RN2 sy 295 km amin'ny RN 7 ary amin'ny fanarenana sy fikojakojana ny ampahany mirefy 186 km eo amin'ny RN 3.

- Fampiharana drafitr'asa ho fanavaozana ny rafitra fitantanana ny “bac” amin'ny alàlan'ny fanarenana “bacs” telopolo eo ho eo.

**Ampahany B :**

- Fampiharana fandaharan'asa fanatsarana, fanarenana ary fikojakojana ny seranana.

**Ampahany D :**

- Fanavaozana ny seranam-piaramanidina ary fanamafisana ireo andrimpanjakana.

1- Fampiroboroana ny fiaraha-miasa eo amin'ny fanjakana sy ny olon-tsotra mba ho azo antoka ny fitantanana sy ny fitrandrahana ireo seranam-piaramanidina madinika, amin'ny alàlan'ny fanomezana toromarika ara-teknika.

2 - Fanatsarana ny fiarovana, ny filaminana sy ny fitrandrahana ny fitambaran'ireo seranana amin'ny alàlan'ny fampitaovana.

**Ampahany E :** Fanohanana ara-drafitra ny Primatiora lefitra :

- Fampiharana fandaharan'asa ho fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny Primatiora lefitra mba ahafahany manamarina sy mandrindra ny asany ary manatanteraka hatramin'ny farany ny fandroson'ny fanavaozana amin'ny alàlan'ireto asa manaraka ireto :

fanohanana drafitra ara-tsosialy mikendry ny fampivelarana ny mpiasa ;

fanomezana toromarika ara-teknika, fampiofanana sy fampitaovana ;

- d) fanatanterahana ny fandinihana ny fahafaha-manao, ary fanaovana ny antontan- taratasy fitaomana mba ahafahana miatrika ireo filana ao amin'io sehatr'io.

Izany sy izany no antonanton'ity Volavolan-dalàna ity.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

-----  
**ANTENIMIERAMPIRENENA**  
-----

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA- 045-2003**

**Anomezan-dalana ny fankatoavana ny fampisamboram-bola ho fanpandrosoana natao ny faha 04 desambra 2003 iarahan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisampirenena momba ny Fampanandrosoana (IDA) ho famatsiana ara-bola ny tetikasa momban'ny fotodrafitr'asa mikasika ny fitaterana**

Nolanian'ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriany izay nataony ny faha 19 desambra 2003 izao Volavolan-dalàna manaraka izao :

**Andininy voalohany.**- Omen-dàlana ny fankatoavana ny fampisamboram-bola iarahan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fampanandrosoana ( IDA ) natao ny faha- 04 desambra 2003 ho famatsiana ara-bola ny tetikasa momba ny fotodrafitr'asa mikasika ny fitaterana izay mitentina “104,4 millions de DTS” (izany hoe mirasanda amin'ny 150 millions de dollars US).

**Andininy faharoa.**- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao ary hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana

**Antananarivo faha 19 desambra 2003**

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**NY SEKRETERA,**

**LAHINIRIKO Jean**



